FAHITANA NY LANITRA SY NY HELO

Hitan' i John BUNYAN

FIKASANA HAMONO TENA

Rehefa nitohy tamin' ny fiainam-pahotana ny olona ratsy fanahy, ka mahita fa misy antony tokony hatahoran' izy ireo ny Fitsaran' Andriamanitra noho ny otany, dia manomboka MIRARY aloha izy mba tsy ho nisy Andriamanitra izay hanafay azy. Rehefa izany dia miandalandalana no handreseny lahatra ny tenany fa tsy misy mihitsy Andriamanitra, ary hatreo dia manomboka manomana fandresen-dahatra ho entiny hanohanana ny foto-keviny izy ireo.

Tamin' ny anankiray amin' ny karazan' olona toy izany no nananako fîfankahazarana nampahonena, izay nanery ahy mandrakariva hihevitra fa tsy misy na Andriamanitra, na devoly, na lanitra, na helo. Tsy mba tamin-korohoro sy fangovitana no nandrenesako izany voalohany, ary noho izany dia fanaoko ny mandao azy raha vao manomboka miditra amin' ireo lohahevitra ireo izy. Nefa ny firesahany matetika loatra an' ireo zavatra ireo tamiko dia naharesy ahy nony farany hihevitra izay mba antony nananany ny amin' ny zavatra nolazainy.

Ary nanomboka tamin' io fotoana io no nahatsapako ny saiko ho sakodiavatry ny fikorontanana izaitsizy sy feno aizina ka sarotra loatra tamiko ny nivesatra izany, satria tsy fantatro izay fomba mahafa-po ahy ho entiko hamaritana ireo fahamarinana, izay, teo aloha, dia zavatra nazava ho azy tamiko. Tsy azoko nosainina fa tsy misy Andriamanitra, nefa tamin-korohoro lehibe indrindra no namakafakako ny fahamarinan' ny FISIANY.

Tsy niriko mihitsy ny hisaraka amin' ny fanantenako ny lanitra izay nanaovana ahy ho mpandova ny tontolo rehetra, nefa dia nisalasala aho raha nisy tokoa izany toerana izany. Nanomboka nisalasala aho ny amin' ny fisian' ny helo, ary amin' io fotoana io ihany anefa dia hitako manjopiaka eo anoloan' ny tavako ny lelafony. Toy izany no nisavorovoroan' ny saiko tamin' ny fifanoheran-kevitra hita maso, ka dia hitako ho nisavoritaka ny tenako. Teo amin' izany fahavakana izany no nanatonako ilay naman-tsi-iziko hitady izay mba fampiononana azony homena ahy. Tena nihomehezany tokoa ireo tahotro, nody onena ny hakanosako izy, ary niseho ho niarahaba tena noho ny fahafahana sy ny fahalalahana izay nifaliany. Nambarany ahy fa tsy voasembantsembana na oviana na oviana izy ny amin' izay fandefasam-pisainana mahatahotra momba izay toetra hananana RAHATRIZAY, na koa ny amin' ny FAMPAMOAHANA ANY AORIANA.

Fa ny natiora hono no tompovavy lehiben'ny tontolo rehetra ary noho izany dia arahiny ny lalàny, ary ny hany isahiranany hono dia ny hiaina ety, ka antenainy fa rehefa mody vovoka izy, ny vovony dia hanjary karazan-tena tsara tarehy, izay ho arakaraka ny hatsaràn' ny toerana hilevenany no hakanton' izany. Izany karazan-dresany izany dia vao mainka nahavaka dia vaka ahy. Nanjary sadaikatra loatra aho, ka tonga enta-mavesatra tamiko ny fiainako. Nampangorohoro ahy mafy ny ho tafajanona amin' ny finoana ireo hevitra yoaozona ireo, nefa dia niriorio tsy an-kijanona tao anatin' ny saiko izany. Nirary in-arivony aho mba tsy ho nandre izany velively, nefa dia teo anatrehako mandrakariva ireo. Moa ve ny fanantenako rehetra ny amin' ny lanitra dia ho tsinontsinona afa-tsy nofy foana fotsiny ? Dia ho zava-poana ve ny efa nanompoako an' Andriamanitra ? Na, marimarina kokoa, moa ve dia ho namoromporona tao an-tsaiko ny amin' ny fisian' ny Iray aho, nefa tsy tena misy marina izany ? Sarotra loatra ny hilaza ny adim-panahy izay tsapako teo anatrehan' ireo eritreritra ireo, izay nanafika mafy ahy tamin' ny hery tsy nitsaha-nitombo hatrany, mandra-pahatonga ahy ho voatosika fatratra ho amin' ny hady lalin' ny famoizam-po indrindra nony farany.

Inona no mbola hampirondrona ahy, eo anelanelan' ny famoizam-po sy ny fanantenana ?, hoy ny fisainako. Tsy tsara kokoa ve, hoy aho tamin' ny tenako, ny hamarana ity fiainana mahafadiranovana ity, ary

mba hahafahana ihany koa mamantatra ny tena fahamarinan-javatra ? Teo amin' izany indrindra no nandraisako fanapahan-kevitra ny hanimba tena, ary mba hanatanterahana izany, dia nankeny amoron' ala tsy lavitra loatra aho indray maraina, nikasa hanao izany tantara feno fandatsahan-drà izany.

Kanjo, tsy hampoiziko, dia nandre bitsibitsika niafina aho, izay nanao hoe : ***"Ry Epenetus, aza manipy ny tenanao ho amin' ny fïjaliana mandrakizay, izay hampifaly ny tena fahavalo ratsy indrindran' ny fanahinao***. Izao famelezan-tena ratsy hotanterahinao izao dia manisy tombo-kase ny fanamelohana ny tenanao. Fa raha mba misy ihany Andriamanitra, ary tena misy tokoa Izy, hataonao ahoana no ho fanantena Famindrampo avy Aminy raha ianao manimba an-tsitrapo ny Endriny ? Avy taiza no niavian' izany bitsibitsika miafina izany ?, tsy fantatro, nefa ninoako fa avy tamin' Andriamanitra izany. Fa tena tonga tamin-kery lehibe indrindra izany, ka nahatonga ahy hanipy ilay fitaovana nikasàko hanaovana herisetra tamin' ny fiainako, ary naneho tamiko vetivety ny faharatsian' izany. Ny horohoro noho izany fikasàna mahatsiravina izany dia nampihovitrovitra ny tonona rehetra tamin' ny tenako, ka sarotra tamiko ny hitsangana. Ny hany sisa nataoko dia ny niaiky fa ny fana- fahana ahy dia asan' ny Hery Iray tsy hita maso sady ara-panahy, Izay tonga hamonjy ahy ara-potoana indrindra, koa dia noteren' ny fahaiza-mankasitraka hitodika hisaotra Azy aho.

Nandohalika teo amin' ny tany aho ka niteny hoe : "lanao, ry Hery tsy hita maso sy mandrakizay, Izay na dia tsy mety ho hitan' ny olona aza, dia mahita ny ataony rehetra, ary nisakana ahy izao tsy hanimba ny Endrikao, manolotra fisaorana feno fanantenana Anao aho. Eny, lanao ry Mpanjaka Ambonin' ny misy rehetra, manolotra fisaorana Anao aho noho ny mbola ahavelomako ka ahafahako miaiky fa misy tokoa lanao. E, aoka ny masoandron' ny voninahitra hanazava eo amboniko ary handroaka ny fahamaizinan' ny fanahiko mba tsy hahatonga ahy hamakafaka ny fisianao, na ny herinao tsitoha, izay tsapako lehibe indrindra izao." Dia niala teo am-pandohalihana aho ary nandeha ka nitombina teo ambonin' ny tovon-tany iray, ny saiko mbola voasandratra mafy hanaja Izato Fahatsarana Mandrakizay, Izay vao avy namonjy ahy tamin' ny tevana mahatahotry ny fahasimbana mandrakizay, raha iny 'ndeha hiantoraka ho ao anatin' izany indrindra aho. Fahagagana fotsiny ny ahy teo, noho ny hadalana be saika nataoko tamin' ny fametraham- panontaniana ny amin' ny fisian' Ilay Andriamanitra, izay ny zavaboahary tsirairay dia vavolombelony, ary ny fieritreretan' ny olona koa dia mandidy azy hino izany.

Tamin' izany, raha mbola voasandratra toy izany ny eritreritro teo am-pitombenana tambonin' ilay tovon-tany, dia nisy hazavana feno voninahitra nanodidina ahy tampoka, ka ny famirapiratan' izany tapitr' ohatra loatra dia tahaka izay zayatra tsy mbola hitako mihitsy tany aloha. Nanaitra no sady nahatalanjona ahy izany, ary raha mbola nanontany tena ny amin' izay fiavian' izany aho, dia nahita endrika feno voninahitra nanatona ahy, toa endrik' olombelona, saingy voahodidina tanamasoandrom-pahazavana tsy hay lazaina ary voninahitra, izay nipariaka avy taminy tamin' ny nalehany rehetra. Mahatahotra indrindra ny fisehony, nefa niaraka tamin' ny toetr' endrika feno fahalefahana ka nahatonga azy ho nahate-ho tia indrindra, izay nampisy fanantenana niafina tao anatiko fa tsy tonga amiko toy ny fahavalo izy. Na izany aza anefa dia tsy haiko ny fomba hahazakana ny famirapiratry ny fisehoany, ary raha naniry mafy aho ny ho tafajoro tamin' ny tongotro roa, dia hitako vetivety fa tsy nanan-kery intsony tao anatiko aho, ary noho izany dia lavo niankohoka tamin' ny tany, no indro ny fanampian' ny sandriny feno fitiavana, ka dia natsatoka vetivety indray tamin' ny tongotro roa aho, ary nisy hery vaovao naidina tato amiko.

Rehefa izany dia nandefa teny tamin' ilay endrika narniratra teo anoloako aho nanao hoe : "R' ilay mpamonjy ahy mamirapiratra, izay nampahatanjaka ny vatako malemy, ka nampody ahy indray ho amin' ny fiainam-baovao, fomba ahoana no ahaizako maneho ny fisaorako feno, ary amin' ny fomba manao ahoana no hanajako anao ? Izany dia novaliany, tamin' ny toe-tava feno fiandrianana sy fahalefahana : "Aoka ny fiankohofanao hataonao amin' Ilay Mpahary ny tenanao, fa tsy amiko, izay zavaboahary mitovy aminao. Izaho dia nirahin' Ilay vao avy nolavinao ny fisiany, mba hisakana anao tsy hianjera amin' ny fahasimbana mandrakizay izay nanipazanao tena." Nanohina ny foko hahatsapa ny tsi-fahamendrehan' ny tenako indrindra izany, ka niempo ny fanahiko tato anatiko, ary dia tsy haiko natao ny tsy hihiaka hoe : "Endrey ny tsi-

fahamendrehako tanteraka an' izato fahasoavana sy famindrampo rehetra!". Izany teny izany dia nahatonga ahy ho vaky nanandra-peo : E, iza no mahalaza ny halalin’ ity fitiavan-dehibe ka narnonjy tamin' ny helo fanahy voarendrika re ! E, voninahitra, voninahitra ho an' ny Anaran' Ilay Mpamonjiko.

Ankehitriny holazaiko izany hatramin' ny mandrakizay rehetra ! Izay, raha izaho nandry teo amoron' ny fahasimbana, dia namonjy ahy tamin' ilay te-hamadika ny fanahiko ; Ary izao dia fantatro, na mbola tsy fantatro aza Andriamanitra, Fa JEHOVAH no Andriamanitra, eny, Izy irery no Andriamanitra ! Izany dia novalian' ilay iraka avy tany an-danitra : "Ilay Andriamanitra Mpanjaka, raha te-haneho famindrampo, dia tsy mijery ny tsi-fahamendrehanao, fa ny fahatsaràny tsy misy fetra ary ny fitiavany midadasika. Hitany ny hafetsen-dehibe nampiasain' ilay fahavaloben' ny fanahy hihendreny ny fahasimbanao, ary dia navelany hitohy tamin' ny fanantenany handresy anao izy, nefa tao anatin’ izany, dia notohanany tamin' ny heriny miafina ianao, ka tamin' izany, raha Satana nihevi-tena ho nahazo antoka iny indrindra, dia tapaka ny fandrika ka votsotra ianao.

TANY ANKOATRY NY MASOANDRO SY NY KINTANA

"Eny ary, hoy ity mpitsidika avy tany an-danitra tamin' ny endrika maha-te-ho tia mba hahatonga anao tsy hisalasala intsony mandrakizay, ny amin' ny fisian'ny zavatra maharitra mandrakizay, ny anton' ny hahatongavako aminao dia handresy lahatra anao ny fahamarinan' izany, tsy amin' ny alalan' ny finoana fotsiny fa amin' ny fahitana koa. Fa hasehoko anao izany zavatra izany tahaka izay tsy mbola nahitan' ny maso mety maty azy ; ka mba hahatonga izany dia hampaherezina ny masonao sady hatao ho afa-mahabanjina zavatra tsy mivaingana." Tamin' izany teny manaitra nataon' ilay anjely izany dia gaga aho, ary nisalasala ny amin' ny fomba hahazoako mahazaka izany.

Hoy aho taminy : "Tompokolahy ô, iza no ampy hahazaka fahitana toy izany?" Namaly izany izy : "Ny fifalian' ny Tompo no ho herinao". Ary raha nilaza izany izy dia nihazona ahy ka nanao hoe : "Aza matahotra, fa nirahina aho hampahita anao zavatra izay mbola tsy fahitanao". Ary alohan' ny nahatsiarovako tena, dia indro, fa efa teny ambony lavitra ny tany no nahitako ny tenako, ary ny fijeriko ny tany dia toy ny teboka kely iray raha mitaha amin' izato faritry ny fahazavana izay namindràna ahy. Dia hoy aho tamin' ilay mpitondra ahy namirapiratra : "Aoka tsy hanafintohina anao, raha hametra-panontaniana iray na roa aminao aho, tompokolahy." Namaly izany izy : "Mitenena. Asako ny mampahalala anao ny zavatra izay anontanianao ahy, fa fanahy manompo aho, nirahina mba hanao fanompoana ho anao, sy ireo izay handova famonjena".

Dia hoy ary aho : "Mba satriko ny hampahafantarina hoe inona iry pentina mainty ery ambany lavitra ahy iry, izay nihakely nihakely hatrany arakaraka ny nihakarako avo, ary miseho toa miha-matroka be indrindra hatrizay nahatongavako tety amin' ity faritry ny fahazavana ity". "lo pentina kely io, hoy ilay mpitondra ahy, izay hitanao fa toa maizina sy tsy maha-te-ho tia izao, io ilay tontolo izay vao faingana kely teo ny naha-mponina anao. Ety ianao dia afa-mahita fa hay kely toy izao no fisehon' io tontolo rehetra io. Izay ho an' ny sombiny kely avy amin' io no iasan' olona maro fatratra ary andaniany ny heriny rehetra sy ny androny mba hahazoany izany. Eny, io ilay pentina kelin' ny tany, izay, mba hahazoana zara kely avy amin' izany, dia olona maro loatra no efa nisedra loza tamin' ny mila hanariany, tsia, raha ny tena marina aza, dia efa nanary mihitsy ny fanahiny sarobidy sy tsy mety maty. Sarobidy loatra ka nolazain' ny Andrian' ny Fiadanana tamintsika fa na dia misy olona iray ho afa-mahazo ny tany rehetra aza, dia tsy hahonitra velively izany fatiantoka lehibe loatra izany. Ary ny antony lehibe amin' ny fahadalan' izy ireo, dia noho izy tsy mba mijery ny zavatra aty ambony.

Satria raha niakatra nanakaiky kokoa ity faritra ity ianao, dia niseho ho nihakely sy niha-tsy maha-te-ho tia hatrany izao tontolo izao ; ary hanao toy izany koa *izy amin' izay rehetra afaka, amin' ny alàlan' ny finoana, hanandratra ny fony ho ambonin' izao tontolo izao.* ***Fa raha mba azon' ny zanak' olombelona eny***

ambany natao mantsy ny nahita an' izao tontolo izao araka ny tena izy marina, dia tsy ho nitsiriritra azy izy ireo, araka izao ataony izao, nefa indrisy, fa ao anaty fahamaizinana izy ireo ; ary ny tena ratsy aza, dia tian' izy ireo ny handeha ao anatin' izany.

Fa na dia tonga teny aminy aza ilay Andrian' ny fahazavana, ka naneho marimarina tamin' izy ireo ny tena Fahazavan' Aina, dia mbola mitohy ao amin' ny maizina ihany izy ireo, ka tsy te-hanatona ny mazava, satria ratsy ny asany". Dia nanontany azy misimisy kokoa aho : "Fa inona irony marobe nanana endrika mainty sy mahatahotra izay mihevaheva eny amin' ny habakabaka ambonin' izao tontolo izao irony ? izay saika ho nahatahotra ahy mafy tokoa, saingy hita fa raha nandalo ianao dia nitsoaka izy ireo, angamba toy ny tsy nahazaka ny famirapiratana izay itafianao". Ny amin' izany dia hoy ny navaliny ahy : "Ireny dia fanahy lavo sy nihemotra, izay, noho ny avonavony sy ny fiodinany, dia nazera avy tany an-danitra ary mirenireny eny amin' ny habakabaka noho ny didin' ny Tsitoha, voahazon' ny gadra fahamaizinana ary tehirizina ho amin' ny fitsaran' ilay andro lehibe. Avy eny izy ireo dia avela hidina eny amin' izao tontolo izao, sady ho fizahan-toetra ny olom- boafidy, no ho fanamelohana ny ratsy fanahy. Ary na dia hitanao ankehitriny aza fa manana endrika mainty sy mahatahotra izy ireo, tamin' ny voalohany kosa dia zanaky ny Mazava izy, ary nitafy akanjo lavan' ny famirapiratana feno voninahitra, tahaka izao hitanao isalorako izao, ka ny nahaverezan' izy ireo izany, na dia noho ny ota an-tsitrapony aza, dia mameno azy amin' ny faharomotana sy faharatsiam-panahy manohitra Ilay Andriamanitra Finaritra mandrakizay, Izay atahoran' izy ireo sy ankahalainy, ny Fahefany sy ny Fahalehibiazany.

Ambarao ahy, hoy aho, ry ilay mpitarika sambatra, tsy mba manana fanantenana ny hampihavanina amin' Andriamanitra indray ve izy ireo, rehefa afaka fe-potoana,. na farafaharatsiny ny sasany aminy ?" "Tsia dia tsia. Very mandrakizay izy. Ireo no nanota voalohany indrindra, nefa tsy nanana mpakafanahy, ary nazera teo noho eo avy tany an-danitra izy rehetra. Etsy an-daniny, ny Zanak' Andriamanitra, Ilay Mesia Finaritra Izay hany ahazoarn-pamonjena, dia tsy naka ny natioran' anjely ho amin' ny Tenany, fa navelany ho very daholo ny anjely mpihemotra rehetra, ary ny taranak' i Abrahama ihany no nalainy endrika ho amin' ny Tenany. Ary noho izany antony izany no ananan' izy ireo haratsiam-panahy lehibe amin' ny. zanak' olombelona izay hitany fa natao mpandova ny lanitra ka fahoriana ho azy ireo izany, raha izy ireo kosa voaozona ho any amin' ny helo".

Tamin' izay fotoana izay dia efa tany ankoatry ny masoandro izahay, izay ny tenany be velarana sy feno voninahitra, mbola goavana lavitra noho ny tany, dia nihetsika nanodidina ilay faritr' habakabaka lehibe izay narnetrahana azy, tamin' ny hafainganana lehibe indrindra ka tsy mampino na dia ny fitantarana azy aza. Fa ilay mpitondra ahy dia nilaza tamiko fa io gilaoby afo mihantona sy mahery vaika io dia anankiray amin' ireo asa lehiben' Andriamanitra. Hazoniny hatrany izany fandehany tsy miova izany, ary na oviana na oviana dia tsy misy fivaonana na dia kely akory aza amin' ny fizorany isan' andro na isan-taona ; ary manan-tombom- boninahitra loatra ny tenabeny, ka raha tsy nampaherezina be ny masoko, dia tsy ho afa-nimbanjina azy. Na irony gilaoby afo mahery vaika izay antsointsika hoe "ny kintana tsy mihetsika" dia tsy mba latsa-danja amin' ny endrika mahagaga ; ny haavony be tafahoatra loatra, an-kilaometatra maro indrindra any ambonin' ny masoandro, dia mahatonga azy ireo hiseho toy ny labozia eo imasontsika. Ary anefa dia mihantona ao anatin' ny vorivoriny izy ireo, tsy mba mila fihantonana, ao anaty habakabaka madio mangeniheny. Tsy misy zava- kafa afa-tsy ny Teniny ihany, ilay namorona azy ireo tamin' ny voalohany, no afa-mihazona azy amin' ny fitoerany".

"Ampy ireo teny ireo hoy aho tamin' ilay mpitondra ahy, mba handresy lahatra ny olona ny amin' ny haben' ny herin' ilay Mpahary azy maha- te-ho tia indrindra, sy ny fahamaizinan' izato tsi-finoana izay afaka mametra-panontaniana momba ny fisian' Andriamanitra Izay nanome an' izao tontolo izao manontolo ny fihariharian' ny Hery sy ny voninahiny, mazava sady betsaka loatra, ka raha mba tsy nitovy tamin' ny biby izay ambany fijery mandrakariva ny olombelona, dia tsy ho nisy azony natao afa-tsy ny niaiky ny Heriny sy ny Fahendreny lehibe" "Zava-marina no resahinao, hoy ny navaliny. Nefa mbola hahita zavatra lehibe lavitra noho ireo ianao. Ireo rehetra ireo dia mbola sasantsasany sy asa ivelambelan' ilay fanorenana feno

voninahitra izay onenan' ireo sambatra any ambony, trano tsy nataon-tanana, izay maharitra mandrakizay any an-danitra, ary homena topi-maso ny amin' izany ianao izao (araka ny fahefan' ny fahatakaranao izany). Izay nolazain' ilay mpitondra ahy tamiko dia hitako tsara nony afaka fotoana vitsy, fa nafindra toerana ho ao amin' ny fonenan' ireo be voninahitry ny sambatra aho, ary dia nahita zavatra izay tsy misy fomba fiteny mahalaza azy, ary nandre firindram-peo kanto indrindra izay tsy ho azoko tononina na oviana na oviana.

Noho izany indrindra no nilazan' ny apostoly Jaona malala tamintsika ao amin' ny epistiliny hoe : "Ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho antsika izay ho toetsika rahatrizay". Izay tsy mbola nahita izany voninahitra izany dia hilaza azy amin' ny fomba feno tsi-fahatanterahana, ary izay efa nahita kosa dia tsy ho afaka hanambara ny ampaharivon' izany. Ary noho izany, ilay apostoly lehiben' ny jentilisa, izay milaza amintsika fa efa nakarina tany Paradisa izy, izay naharenesany teny tsy azo tenenina izay tsy hain' olona lazaina, dia tsy nanome tatitra hafa amintsika ny amin' izany, fa "Izay tsy mbola hitan' ny maso, na ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy". Hanao tatitra tsara indrindra ho anao araka izay azoko hatao aho, ny amin' izay hitako sy reko tamin' ireo resaka finaritra nataoko tamin' ny sasany tamin' ireo sambatra, araka ny hakaiky ny fahatsiarovako izany.

NENTINA TANY AMIN'NY HELO

"Nahazo iraka aho, hoy ilay anjely, dia ny hitondra anao indray ho amin' ny tontolo any ambany ; tsy ho eny amin' ny tany ihany, izay vao nakako anao, fa ho any amin' ny faritry ny tanin' ny mpanjakan' ny fahamaizinana, mba hahitanao any ny tambin' ny ota, sy ny zavatra nomanin' Ilay Fahamarinana mamerovero ho fitsarana ny fihodinan' izy ireo, izay naniry hanandratra ny tenan' izy ireo ho ambonin' ny sezafiandrianan' ny Avo Indrindra. Nefa aza matahotra noho izany, fa tahaka ny nahazoako iraka hitondra anao any, no nahazoako izany koa hamerina anao indray sy hametraka anao indray ho eny amin' izao tontolo izao izay nakako anao". Ny handao ny lanitra ho eny an-tany dia tena tsy maha-te-hanandrana indrindra, ary ho nahatonga ahy halahelo raha tsy fantatro fa izany no sitrapon' Andriamanitra. Fa ny handao ny lanitra ho any amin' ny helo kosa dia nampivadika ny foko tato anatiko.

Na izany aza anefa, rehefa fantatro fa sitrak’ Andriamanitra tsara ny hamerenana ahy avy any ho eny ambonin' ny tany indray, ary mbola hesorina amiko indray ny toetra mety maty ka haverina any an-danitra aho rehefa izany, dia mba nampiononina kely aho, ary dia tsapako tao anatiko fa nanana fiondrehana tanteraka teo anatrehan' ny sitrapon' Andriamanitra aho. Noho izany dia hoy aho tamim-pahatokiana, tamin' ilay mpitondra ahy mamiratra : "Izay voadidin' Ilay Andriamanitra Finaritra dia harahiko an-tsitrapo hatrany, fa efa nananako fahatsapana midadasika ny Famindrampony lehibe, ka na dia any amin' ny helo tenany aza dia tsy hatahotra aho, raha mba ho azoko hiaraka amiko any ny Fanatrehany". Izany dia novalian’ilay mpiambina ahy manjopiaka hoe : "Na aiza na aiza no omen' Andriamanitra Finaritra ny fanatrehany, dia any no lanitra, ary raha ho any amin' ny helo isika, dia homba antsika Izy".

Rehefa izany dia niankohoka ambany teo anatrehan’ ny sezafiandrianan' ny Tsitoha izahay, ary, faingana noho ny eritreritra ilay anjely mpiambina ahy dia nitondra ahy mihoatra ny alinalina kilaometatra tany ambanin' ny lanitry ny Mpanjaka. Tamin' izay fotoana izay dia efa tonga tamin' ny faritra ambany indrindra an' ny rivotra izahay, izay nahitako endrika mahatahotra maro ary maizina sy manjombona, nandositra ny fanatrehana manjopikan' ilay mpitondra mamiratra. "Ireto mihitsy, hoy aho, no isan' ny loha-laharan' ny helo, ary mainty sy mahatahotra indrindra izato endriny". "Ireo hoy ilay mpitondra ahy, dia sasany amin' ireo fanahy mpihemotra izay mirenireny miaka-midina avy eny amin' ny rivotra ho eny amin' ny tany toy ny liona mierona mitady izay azony hara-paka. Ary na dia voatarika ho aty aza izy ireo, dia ho hitanao faingana izy any amin' ny faritaniny maizina, satria isika izao dia aty ambonin' ny moron' ny lavaky ny helo". Hitako faingana fa tena marina tokoa ny tenin' ilay mpitondra ahy satria vetivety dia voahodidin'

aizim-pito mbola mainty kokoa noho ny alina izahay, ary miaraka amin' ny fofon-dratsy mbola manempotra lavitra noho ny an' ny solifara mirehitra.

Ny sofîko dia nadilon' ny fikiakiaka mahatahotr' ireo fanahy voaozona, ka na ny naotin-kira mifandaka indrindra eny ambonin' ny tany aza, raha oharina amin' izany, dia toy ny mozika mamelovelo. "Izao, hoy ilay mpiambina ahy, dia aty amin' ny hadin' ny helo ianao, nefa aza matahotra ny herin' ny mpiambina, fa ny iraka azoko avy teo amin' ny sezafiandrianan' ny Mpanjaka dia ny hiaro anao amin' ny loza rehetra. Ho azonao renesina avy amin' ny devoly sy ireo fanahy voaozona ny antony feno ozona nahatonga izao fahasimban' izy ireo tsy misy fiafarana izao. Ary raha misy zavatra tonga ao an-tsainao tianao hanontaniana, dia anontanio fa hamaly anao izy. Tsy afaka hanisy ratsy anao ny devoly, na dia iriny aza izany, satria izy ireo dia voafatotr' Ilay naniraka ahy, ary tsapan' izy ireo izany ka mahatonga azy ho romotra sy hiferinaina ary hieronerona, ka manaikitra ny rojoviny izay tsy tiany, nefa sasatra foana izy amin' izany". Any, ao anaty farihy solifara feno rano mirehitra afo, voagadra amin' ny rojo diamondra noho ny didin' ny lanitra tsy azo ovàna, no nitoetra tambonin' ny sezafiandrianana Losifera, ny masony nahatahotra nanjelanjelatry ny faharomotan' ny helo, feno haromotana indrindra arakaraka ny hamafin' ny fangirifiriany mahery vaika.

Irony fanahy ratsy mpirenireny, izay nandositra anay fony izahay avy tany an-danitra, dia (araka ny tsapako), nampahafantatra ny fiavianay, ka nahatonga ny helo manontolo hanao tabataba be tsy hifandrenesana, ary izany dia nanetsika an' i Losifera hampaka ny teny ratsiny mahatahotra hanohitra an' Andnamanitra Finaritra, izay naloatrany tamin' ny fomba feno fahasahisahian-dratsy sy feno fiavonavonana. Variana aho nandre ny fomba fiteniny feno haratsiam-panahy, ka tsy tantiko ny tsy hiteny tamin' ilay mpitondra ahy : 'Tena rariny ny famaliana ireo fitenenan-dratsiny !". "Izay efa renao tamin' io fanahy mpihemotra io dia sady fahotany no famaizana azy, satria isaky ny fitenenan-dratsy alefany amin' ny lanitra dia mahatonga ny helo hahamay bebe kokoa aminy.

FAMPANGIRIFIRIANA ANY AMIN' NY HELO

Rehefa izany, dia nandalo lavitra kokoa izahay teo anivon' ny zava- miseho nampalahelo tsy misy fangarony, ary nahita fanahy very anankiroa nampahorian' ny demonia iray izay tsy nitsahatra nandentika azy ireo tao anaty afo mitsiranoka ary mirehitra solifara, izy roa-lahy amin' izany mifampiampanga sy mifanozonozona. Hoy ny iray tamin' ilay namany niara-nampahoriana sy niara- nampijaliana taminy : "Ho voaozona anie ny tavanao, mba tsy ho hitan' ny masoko mandrakizay ! Ny fijaliako dia avy tarninao ; ho afa-misaotra anao noho izany aho, fa ianao no namandrika ahy toy izao. ***Ny fitiavam-bolanao sy ny fisolokianao ary ny fampahorianao sy ny fanorotoroanao ny mahantra no nitondra ahy ho aty***. Raha mba nanome ohatra tsara ahy ianao tahaka izay nanomezanao ohatra ratsy ahy dia mba ho tany an-danitra aho toy izay, ary ho sambatra tany, tahaka izay ahantrako aty ankehitriny. Saingy indrisy fa nahantra aho ! Ny fanarahako ny dian-tongotrao dia nahatonga ahy ho amin' izato fahantrana izato, ka nanimba ahy mandrakizay ; Eh ! raha mba tsy nahita ny salovan-tavanao aho, na inay anie ianao mba tsy nateraka mihitsy hanisy ratsy ny fanahiko toy izay efa nataonao".

Ilay mahantra anankiray namaly hoe : "Ary moa ve tsy mba afaka ny hanome tsiny anao toy izany koa aho ? Fa angaha tsy tsaroanao ny toerana sy ny fotoana nitaomanao sy nitarihanao ahy ary nanontanianao ahy raha afaka ny hiaraka taminao aho, izaho tamin' izany dia teo am-panaovana ny raharahako hafa, araka izay antso ara- dalàna nananako ? Fa niantso ahy hatrany ianao, ka noho izany dia mba diso tahaka ahy koa. Na dia mpierina aza aho, ianao kosa be rehaka, ary raha tamiko no nianaranao ny fieremanao, dia azoko antoka fa taminao kosa no nianarako ny ***rehaka sy ny fimamoana*** ; ary na dia nianatra ny fisolokiana tamiko aza ianao, dia nampianatra ahy kosa ho ***be filàna, handainga ary haniratsira ny fahatsaràna***. Koa amin' izany, raha nandavo anao tamin' ny zavatra sasantsasany aho, ianao kosa nandavo ahy be lavitra tamin' ny hafa. Ary raha tsy maintsy ampamoahina amin' ireo sasantsasany amin' ireo asa malotonao indrindra aho, ianao koa dia

tsy maintsy ampamoahina hatrany amin' ny sasany amin' ny ahy. Nirary aho mba tsy ho tonga taty ianao ; ny fijeriko anao fotsiny dia mandratra ny fanahiko satria mampitamberina ny ota ho vaovao indray ao anatin' ny saiko. Niaraka taminao no niarahako nanota. E, fahoriana ho an' ny fanahiko ! Ary satria tsy afa-niery ny fiarahana taminao aho teny, dia mba inay kosa anie ka tsy niaraka taminao aho taty !"

Tamin' izany resaka nampahonena izany dia nahatsikaritra vetivety aho, fa ireo izay mpiaraka tamin' ny ota ety ambonin' ny tany dia hiara-hohelohina koa any amin' ny helo. Ary na dia ankamamian’ izy ireo aza ny fiarahana ety ambonin' ny tany, rehefa any amin' ny helo kosa dia tsy ho tiany izany. Izany no inoako fa antony marina nahatonga an' i Dives ho niseho ho be fitiavana indrindra an' ireo rahalahiny ; mba tsy nahatonga azy ireo ho aty amin' ity toeram- pijaliana ity ; fitiavany ny tenany fa tsy izy ireo loatra no nanesika azy, satria raha tonga aty izy ireo dia ho nampitombo ny fahorian’ ny tenany izany.

Fa mbola nisy zava-nitranga nampahonena kokoa naneho fahoriana hitanay, fa raha nandao ireo nahantra voaozona anankiroa izahay, izay nifampiampanga ho samy anton' ny fijalian’ ny andaniny avy, dia nandalo lavidavitra, nahatsinjo fisehoan-javatra feno fandozàna maro ; ary teo anivon' izany, vehivavy iray no teren' ity fanahy mpampahory higoka tsy mitsahatra solifara mirehitra midedadeda, izany dia nataony tamin' ny fomba feno habibiana mahatahotra sy fitsikanikaniana, ka tsy azoko natao ny tsy hiteny taminy : "Nahoana ianao no dia miravoravo loatra amin' ny fampahoriana ity mahantra voaozona amin' izao fampidiranao tsy mitsahatra ao anatin' ny tendany io ranon' ny helo mirehitra io ? « Tsy hafa izao fa tambiny marina," hoy ny navalin’ ilay demonia. "Ity vehivavy ity tamin' ny androm-piainany dia olo-nampahonena, faraidiny, izay ***na dia nanana ny ampy tamin' ny volamena aza dia tsy nety afa-po minitsy***, ary noho izany no ampidinako izany ao anatin' ny tendany. Tsy noraharahany na iza na iza nosimbàny na nofitahiny, mba ahazoany ny volamenan' izy ireo. Ary rehefa nahangona antontany be lavitra mihoatra izay azony holaniana izy, ***ny fitiavam-bolany kosa dia tsy te-hamela azy handany betsaka amin' izany, hahazoany izay ilainy tamin' ny fiainany andavan’andro***, fa matetika izy no mandeha miaraka amin' ny kibo foana, na dia feno aza ireo poketrany, na fenoiny tamin' ny fitambesarany amin' ny hafa ny kibony. Ary ny amin' ny fitafiany, dia na tsy nihatonta mihitsy izany, na nampiampiany tapa-damba mandrakariva, ka nony farany dia sarotra ny nilaza izay tena ravin-dambany hatramin' ny voalohany.

Tsy nitahiry trano izy satria ***tsy te-handoa hetran-trano*** ; tsy nentiny an-tànana ny tahiriny, ndrao izy voaendaka ; tsy natolony hampiasain' ny mpianto-bola, ndrao izy ho voasoloky, na dia nisoloky fatra-tra indrindra izay rehetra azony aza izy, ary ***tena mpisoloky lehibe tokoa,*** ka .ny vatan-tenany aza voasolokony tsy hihinan-kanina ary ny fanahiny tsy hahazo famindrampo. Koa satria ny **volamena izany no andriamaniny teny an-tany**, dia tsy ho rariny ve raha ho feno izany ny kibony aty amin' ny helo ?

Rehefa avy niteny ilay mpampahory, dia nanontaniako an-dravehivavy na marina ny voalazany na tsia, ka novaliany hoe : "Tsia, mba hampahory ahy, tsy marina izany," "Ahoana ! mba hampahory anao ?" hoy aho. "Eny, mba hampahory ahy, hoy izy, satria raha mba marina izay lazain' io mpampahory ahy io anao, dia tena ho afa-po indrindra aho. Milaza aminao izy fa volamena io zavatra ampidininy ao anatin' ny tendako io, nefa devoly mpandainga izy ka miteny tsy marina. Fa raha mba volamena tokoa io dia tsy ho nitaraina na oviana na oviana aho. Saingy ataony ho fihomehezana aho, ka ho solon' ny volamena dia io solifara mahatsiravina sy maimbo io ihany no omeny.

" Tsy tantiko ny tsy hilaza tamin' ilay mpitarika ahy ny hagagako mandre fanahy mahantra any amin' ny helo tenany mihitsy, ***maimay ny amin' ny harenany, nefa ny tenany eny am-pelatànan' ny mpampahory****. "Mahazo mandresy lahatra anao izany, hoy izy, fa io no ota izay lehibe indrindra amin' ny ratsy rehetra ; ary na aiza toerana andrenesan' ny fitiavana an' io - fitiavana ny volamena (izay naharendrika an' itsy zavaboahary vaozona), dia famaizana ratsy lavitra noho izay atao an' ireto fanahy mpihemotra ireto no ampiharina".*

Mbola tsy nandeha lavitra loatra izahay no nahita fanahy mahantra iray, nandry tamin' ny farafara vy mirehitra, nila ho sempotry ny solifara, izay niantsoantso toy ny olona azon-korohoro loza loatra, tamin' ny

feom-pamoizam-po ; izay nahatonga ahy haneho ny faniriako tamin' ilay mpitarika ahy mba hijanona kely hahafahako mihaino amin' ny fifantohana kokoa izay nolazainy, ka teo no nandrenesako azy niteny toy izao manaraka izao : "Adray, mahantra fadiranovana ! Very mandrakizay, mandrakizay ! Indrisy, ireto teny mahafaty hoe MANDRAKIZAY ! Moa ve ny an- tapitrisany taona dia tsy hoampy hizakako izato fangirifiriana, izay raha azoko natao ny handositra azy na dia fotoana fohy aza, dia ho novidiko an' izao tontolo izao an-tapitrisany izany ? Tsia, tsia, ny fijaliako dia tsy hanam-pahataperana mandrakizay ; aorian' ilay tapitrisa taona dia mbola HO MANDRAKIZAY izany. Adray ! toe-javatra tsy misy fitahiana, tsy misy fanampiana, tsy misy fanantenana !

Ity mandrakizay ity no helon' ny helo ! Ry mahantra voaozona ! Voaozona ho mandrakizay ! Tena an-tsitrapo, nahoana no nanariako ny tenako ! E, hadalana be nanao ahoana no mahameloka ahy tamin' ny fisafidianana ny fahafinaretana sady mandalo foanan' ny ota ka novidiko lafo amin' ny fangirifiriana mandrakizay ! Matetika loatra no nilazana tamiko fa tsy maintsy ho izao no izy ! Matetika loatra aho no terena handao irony làlan' ota izay azo antoka fa hitondra ahy ho amin' ireo efitranon' ny fahafatesana mandrakizay ! Fa izaho, toy ilay bibilava marenina, dia nanentsi- tadiny tsy nihaino ny feon' ny mpanao ody, na dia nahay ody indrindra aza ireo ! Nilaza matetika tamiko izy ireo, fa ireo fahafinaretana vetivety niainako dia hiafara faingana amin' ny fangirifiriana mandrakizay ! ary ankehitriny, ny fahatsapana mampahonena dia milaza izany amiko, milaza izany amiko marimarina izy, nefa tratra aoriana loatra ny hanampiana amin' izany, satria ny ho toetro hatramin' ny ho avy mandrakizay dia efa voadidy ho mandrakizay. Nahoana no nomena saina hahalala aho ? Nahoana aho no nohariana hanana fanahy tsy mety maty, nefa dia kely dia kely ny fiahiako izany ? Indrisy ! Izato tsi-firaharahiako izay manindrona ahy ho amin' ny fahafatesana, nefa fantatro fa tsy mety, tsy mahazo ny ho faty aho ! fa ny hiaina fiainana miala aina, izay ratsy lavitra noho ny fahafatesana iray alina ; ary nefa dia azoko natao tsara tany aloha ny hanampy tamin' izany rehetra izany, nefa tsy tiako ho natao ! Adray, izany no ilay kankana mpikiky, izay tsy ho faty mandrakizay mandrakizay ! Azoko natao tsara tany aloha ny ho sambatra, natolotra ahy tany aloha ny famonjena nefa nolaviko. Ah, raha mba indray mandeha fotsiny izany, ny fandavana izany dia efa fahadalana tsy azo ialan-tsiny, saingy in-arivony no nanolorana izany ahy, nefa mbola nolaviko hatrany izany (indrisy fa nahantra loatra aho).

Ry ota voaozona, izay mamosayy ny zanak' olombelona ho amin' ny fahasimbana mandrakizay amin' ny alàlan' ny fahafinaretana mamitaka ! Niantso matetika Andriamanitra, nefa nandà matetika toy izany aho ; naninjitra ny Tànany Izy, nefa tsy notandremako. Endrey, nataoko tsinontsinona matetika loatra ny saina natolony. Matetika loatra no tsy nanekeko ny fananarany ! Izao anefa dia mitsimbadika ny tarehin-javatra, novaina ny raharaha ; fa izao dia "MIHOMEHY NY FAHARINGANAKO IZY, ARY MANDATSA NY FANDRINGANANA IZAY TONGA AMIKO". Naniry ny hanampy ahy izy tany aloha, nefa tsy tiako izany tamin' izany, ary noho izany, ireto fahoriana mandrakizay izay ana-melohana ahy hiaretako dia tsy inona fa ny famaliana ara-drariny ny zavatra nataoko ihany" Oha. 1 : 26.

Tsy haiko ny handre izany fitaraindrainana nampahonena izany ka tsy hieritreritra ny fahasoavana mahagaga izay nasehon' Andriamanitra finaritra mandrakizay tamiko ; hoderaina mandrakizay anie ny anarany masina ! satria ny foko nilaza tamiko fa mendrika tsara tahaka ity ory mahantra ity ny hampiharana fahatezerana mandrakizay amiko; ary ny fahasoavany irery ihany no naha-hafa antsika! Endrey ny fisainany tsy azo fantarina ! ary iza no mahova ny didiny masina? Taorian' izany eritreritra izany dia nandefa teny tamin' ilay nampahonena aho ka nilaza taminy fa henoko ny fitomaniny loza loatra, izay nanamariako fa lehibe loatra ny fijaliany, ary tsy azo arenina ny fahaverezany. Dia nolazaiko taminy fa naniry indrindra aho ny hampahalalaina izany amin' ny antsipiriany, izay angamba mba mety ho fampihenana kokoa ny fangirifiriany. "Tsia, tsia dia tsia, ny fangirifiriako dia lehibe loatra ka tsy misy azo amerana azy ; tsia, na dia ho amin' ny fotoana kely iray aza. Fa ny amin' ny fanontaniana izay napetrakao, dia tsikaritro fa vahiny aty ianao, ary enga anie ka ho toy izany mandrakizay ianao. Indrisy ! raha nanana ny sisam-panantenana farany indrindra aho, dia mba ho nandohalika sy nitomany ary nivavaka mandrakizay mba hanavotana hiala aty ! Saingy indrisy, zava-poana izany rehetra izany, fa very mandrakizay aho. Na dia hahatonga anao hitandrina tsy hankaty fotsiny aza dia holazaiko anao izay iaretan' ireo voaozona aty".

MITENY NY FANAHY VERY IRAY

Ny fijalianay aty amin' ity lavaky ny helo ity dia roa karazana : izay zavatra verinay, ary izay zavatra iaretanay. Ary dia hotononiko tsirairay araka ireo lohany maro samihafa izany.

Voalohany ary ny amin' ireo zavatra verinay **:**

1° "Aty amin' ity fonenam-pijaliana sy fahoriana manjombona mampahonena ity dia verinay mandrakizay ny fanatrehan' Andriamanitra Finaritra .

Ary izany no maha-helo an' ity ati-lavaka ity. Fa na dia izao tontolo izao arivo aza no verinay, dia tsy ho lehibe noho ity zava-berinay iray loha ity izany. Raha mba afaka ny ho tafiditra aty ny tara-pahazavana kely indrindra amin' ny fankasitrahany dia ho sambatra izahay ; nefa dia diso an' izany izahay ho lozanay mandrakizay.

2° Aty dia verinay toy izany koa ny fiaraha-monina amin' ny olo- masina sy ny anjely, ary eo amin' ny toeran' izy ireo, dia tsy misy afa-tsy ireto devoly mampahory ireto.

3° Verinay aty koa ny lanitra, ilay toeram-pahasambarana. Misy tevana lalim-be eo anelanelanay sy ny lanitra, mba hahatonga anay ho voahidy mandrakizay tsy ho any. Irony vavahady mandrakizay izay idiran' ireo sambatra ho any amin' ny fahasambarana dia voarindrina mandrakizay ho anay aty ankehitriny.

4° Mba hahatonga ny fahantranay ho mbola mahory lavitra, dia verinay ny fanantenana ny mba ho amin' ny toetra tsaratsara kokoa, izay mahatonga ny toe-piainanay tena tsy hisy fanantenana mihitsy. Ny olona faran' izay mijaly indrindra eny ambonin' ny tany dia mbola mba manana fanantenana. Ary noho izany, misy ohabolana mahazatra eny izay milaza fa raha tsy noho ny fisian' ny fanantenana dia ho nitresaka ny fo. Mahazo mitresaka tsara tokoa ny fonay izany satria sady tsy manam-panantenana no tsy misy fanampiana.

Indreo ary ny verinay, izay na dia ny misaina azy fotsiny aza dia ampy hampahatahotra sy hampitriatriatra ireo fanahinay mahantra mandrakizay. Nefa, eh, raha mba izy rehetra moa izay ! fa tsapanay koa ny fangirifiriana, tahaka ny zavatra verinay.

Ary rehefa avy nasehoko anao ireo zava-berinay, dia ***hezahiko haseho anao koa izay iaretanay :***

Ary voalohany indrindra dia **karazam-pahoriana maro no iaretanay** : ampahoriana izahay aty amin' ny fomba an' arivony, tsia, an' aliny. Ireo izay mangirifiry eny ambonin' ny tany dia mahalana no mba manana aretina mihoatra ny iray amin' ny fotoana anankiray ? Nefa na dia azon' ny vay, ny gaotra (goutte), ny vato, ary tazo indray miaraka aza izy ireo, dia hihevitra ny tenany ho fadiranovana ve izy amin' izany ? Nefa ireo rehetra ireo dia toy ny kaikitra parasy iray fotsiny raha ampitahaina amin' ireo fangirifiriana tsy zaka sy manindrontsindrona izay iaretanay. Aty dia misy ireo karazan-javatra mahamonamonaina rehetra avy amin' ny helo, mankaloiloy anay. Ny afo izay mandoro anay aty dia tsy azo vonoina ; farihin-tsolifara mirehitra mandrakizay manempotra anay ; gadra mandrakizay mamatotra anay ; aty dia misy aizina tanteraka mampahatahotra anay, ary kankan' ny fieritreretana izay mikiky anay mandrakizay. Ary ny tsirairay avy amin' ireo dia mbola ratsy lavitra raha iaretana noho ny fahoriana rehetra izay efa notsapain' ny taranak' olombelona any ambonin' ny tany. Nefa tahaka ny maha-maro karazana ny fahorianay aty, dia manenika manontolo koa izany, mampahory ny fizarazarana tsirairay amin' ny tenanay, mangeja ny herin' ny fanahinay, ka mahatonga ny zavatra iaretanay ho tsy tanty indrindra. Ny amin' ireo aretina mangeja anareo olombelona eny ambonin' ny tany, na dia marary aza ny momba ny tena sasany, ny sasany kosa dia salama. Na dia mety tsy ho ara- dalàna aza ny tenabenareo, ny lohanareo kosa mety ho tsara ; ary na dia marary aza

ny an-dohanareo, ny taovanareo kosa mety ho finaritra ; na koa na dia voa aza ny taovanareo, ny tongotra aman- tànanareo kosa mety mbola ho finaritra. Fa ATY dia zava-kafa : ny momba ny tena tsirairay an' ny fanahy sy ny vatana dia miara- ampahoriana indray mandeha.

1° **Ny maso** aty dia ampahoriana amin' ny fahitana ireo devoly izay miseho amin' ny endrika mahatahotra sy fiseho mainty indrindra azon' ny ota omena azy ireo. **Ny sofina** dia ampahoriana tsy mitsahatra noho ny antsoantso mafy sy ny fikiakiaka tsy mitsahatr' ireo voaozona. **Ny vavorona** main' ny lelafon-tsolifara, **ny lela** main' ny fivontosana maro mirehitra ; ary **ny tena manontolo** voahodidin' ireto lelafon-drano mirehitra. Ary dia ampahoriana avokoa aty ny **hery sy ny fahefan' ny fanahinay** rehetra. Ny **famoronan-kevitray** dia ampijalian' ny fïsain-tsainana ny fangirifirianay ankehitriny ; ny **fahatsiarovanay** dia very noho ny fieritreretana ny hasoan' ny lanitra izay verinay, sy ireo andro fanararaotana tokony ho nahavonjy anay. **Ny sainay** aty dia ampijalian' ny fiheverana ny fandanilanianay foana ny fotoananay sarobidy, sy ny nanararaotanay izany hanaovan-dratsy. **Ny fahazoan- kevitray** dia ampijalian' ny fieritreretana ireo fahafinaretanay lasa, ny fangirifirianay ankehitriny, ary ny fahorianay ho avy, izay ho mandrakizay. Ary **ny feon' ny fieritreretanay** dia ampahorian' ny kankana izay mi-kiky tsy miato.

2° **Zavatra hafa koa izay mahatonga ny fijalianay hahatsiravina indrindra dia ny maha-fara-tampony ny fahorianay**. Ny afo izay mandrehitra anay dia mahery vaika indrindra ka na ny rano rehetra ao amin' ny ranomasina aza dia tsy hahavono izany na oviana na oviana. Ny fangirifiriana iaretanay aty dia tampony loatra ka tsy misy olona afaka hahafantatra izany mihitsy afa-tsy ireo izay mahatsapa azy ihany.

3° Santionany hafa amin' ny fijalianay koa **ny tsy mampisy fitsaharany ireo fahorianay**. Fa tahaka ny maha-maro karazana, manenika ny tena manontolo, ary mahery vaika fara-tampony azy ireo, dia tsy mitsahatra koa izany. Na mba manana fialan-tsasatra kely indrindra amin' izany izahay, raha mba nisy fakana aina dia mba ho nampalefa-javatra izany. Fa ity no dia mahatonga ny toe-piainanay ho mampahonena indrindra, dia ny tsy fisian' ny fanalefahana ny fahorianay mihitsy fa izay hiaretanay izao dia tsy maintsy hiaretanay mandrakizay.

4° **Ny fiaraha-monina na ny fikambanana anananay aty dia zavatra hafa ihany koa amin' ny fijalianay**. Devoly mampahory ary fanahy ampahoriana no mba mpiara-monina aminay, ary dia fikiakiahana mahatsiravina sy fikonainainana noho ny halozan' ny fangirifirianay loatra, ary fiozonozonana mahatahotra, ireo no mba resaka ifanaovanay. Ary aty ny fahorian' ireo mpiara-mijaly aminay dia lavitra loatra ny hampihena ny fijalianay ka mampitombo ny fangirifirianay.

5° **Ny toerana izay ijalianay dia zavatra hafa izay mampitombo ny fanaintainanay**. Famintinana ny fijaliana rehetra izany, tranomaizina, ati-lavaka, lavaka tsy hita noanoa, farihin' afo sy solifara, lafaoro afo izay mirehitra hatrany amin' ny mandrakizay, ny fahamaintisan' ny aizina mandrakizay ; ary farany ny helo tenany. Ary ny toerana mampahonena toy izao dia tsy maintsy mampitombo ny fahantranay.

6° **Ny halozan' ireo mpampahory anay** dia zavatra hafa izay manampy trotraka ny fangirifirianay. Ny mpampahory anay dia devoly izay tsy mba misy fitserana, fa satria mijaly koa izy ireo, dia mba maka fanafînaretana amin' ny fampahoriana anay izy.

7° Ireo antsipiriany izay notateriko ireo dia tena mampahory tokoa ; fa ny tena mahatonga izany hampahory indrindra dia **ho toy izany mandrakizay ireo**, ary **ireo fanaintainanay tsy tanty indrindra rehetra dia haharitra mandritra ny mandrakizay manontolo**. "Mialà amiko ianareo izay voaozona ho any amin' ny afo maharitra mandrakizay", izany dia maneno tsy an-kijanona ao an-tsofiko. Eh, raha mba azoko nahodina io fehezan-teny mandoza io ! Eh, raha mba nisy nahafahako ahay nanao izany ! Araka izany no nanehoako anao ny toerana mampahonena misy anay, ary hisy anay mandrakizay.

Tsy mbola nahafarana tsara ny filazany akory ity fanahy mahantra raha nampahorian' ity devoly romotra indray, izay nampijanona azy tsy hitaraina, satria tsy mahavita inona izany. "Etsy an-daniny, hoy

izy, mba fantatrao moa fa mendrika anao izany rehetra izany ? Impirimpiry moa ianao no nilazana izany teo aloha, nefa tsy nety nino izany ? Nihomehezanao ireo izay nilaza taminao ny amin' ny helo iray ; tsia fa niedinedina loatra aza ianao ka sahy nihantsy ny Fitsarana Tsitoha handringana anao. Dia mitaraina ve ianao raha novaliana araka ireo firarianao ? Mba zavatra tsy ara-dalàna raha ianao izay niantso fanozonana matetika loatra no mahatsiaro tsy mahazo aina rehefa iharan' izany. Fantatry ny tenanao tsara fa notolorana famonjena ianao, nefa nolavinao izany, amin' ny endrika manao ahoana àry no ahazoanao mitaraina fa nozonina ianao ? "Izaho dia manana antony hitarainana kokoa noho ianao, satria nanana fotoana naharitra mba hibebahana izay nomena anao ianao, fa izaho kosa avy hatrany dia nalefa taty amin' ny helo raha vao nanota. Notolorana ny famonjena ianao, ary ny famelana na ny famotsaran- keloka dia matetika no naroso ho anao ; fa izaho kosa tsy mba nahazo famindrampo natolotra ahy na oviana na oviana fa voatendry raha vao nanota, ho amin' ny famaizana mandrakizay. Raha mba izaho no notolorana ny famonjena dia tsy ho nanamaivana izany na oviana na oviana toy izay nataonao. Ary tsaratsara kokoa ho anao aza ny tsy notolorana izany mihitsy, amin' izay dia mba ho nalefaka kokoa aminao ny fanamelohana. Iza no heverinao fa hitsetra anao izay voaozona, na dia ny lanitra tenany aza ?"

Izany dia nahatonga ilay mahantra hiantsoantso, Eh, aza dia mitohy marnpahory ahy toy izao re. Fantatro fa ny fahasimbako dia avy amiko ihany. Eh, raha mba azoko nohadinoina izany ! Ny fieritreretana izany no lozako lehibe indrindra aty. Nirîko ny ho voaozona, ary noho izany dia natao izany ara-drariny aho". Nony avy eo, nitodika tany amin' ilay devoly izay nampijaly azy izy dia nanao hoe : "Saingy avy tamin' ny fakam-panahinao izany, ry devoly voaozona. Ianao no nakafanahy ahy tamin' ny ota rehetra izay nahameloka ahy, dia ianao indray ve no mandatsa ahy izao ? Milaza ianao fa tsy mba nanana Mpamonjy natolotra anao mihitsy ; nefa tokony hotsarovanao fa tsy mba nanana mpakafanahy mihitsy ianao, tahaka izay nananako anao hatrany hatrany. Izany dia novalian' ilay devoly tamim-paniratsirana, "Anjara raharahako ny hamitaka anao ho aty ! ary nilazana izany matetika ianao tamin' ny alàlan' ireo mpitoriteninao. Nilaza feno sy ampy tsara taminao izy ireo fa izahay dia nitady ny hanimbàna anao, ary nandehandeha tahaka ny liona mierona, nikaroka izay ho azonay arapaka hatrany ; ary matetika aza aho no natahotra ndrao hino azy ireo ianao, toy izay nataon' ny maro ka nandiso fanantenana be anay. Fa ianao kosa an-tsitrapo no nanaovanao izay nampanaovinay anao, ary satria nanao ny asanay ianao, dia ara-dalàna indrindra raha alohanay ny karamanao". Ary dia nampahorian' ilay fanahy ratsy indray mandeha izy, izay nahatonga azy hierona lozan-tany indrindra ka tsy afa-nijanona ela hihaino azy aho.

"Manjombona tokoa, hoy aho, nony injay tamin' ilay mpitondra ahy, ny toerana misy ireto fanahy voaozona. Andevon' ny devoly izy ireo raha mbola teny ambonin' ny tany, latsainy sy ampahoriany noho izany zavatra izany rehefa mankaty amin' ny helo". "Ny haratsiam-panahin' izy ireo amin' ny taranak' i Adama rehetra, hoy ilay mpitondra ahy, dia mihoa-pampana indrindra. Ary satria maro ireo fanahin' olona izay tsy mahalala ny tarigetran' izy ireo, dia mora ho amin' izy ireo ny handresy azy ho amin' ny fanimbàna azy mandrakizay. Ary ny fomba izay hanaovany azy ireo aty, noho ny nihainoany ny fakampanahiny, dia efa hitanao sahady izao ary mbola habita bébé kokoa amin' izany vetivety ianao". Raha nandalo lavidavitra kely izahay dia nahita andiana fanahy voaozona tsy tambo isaina, nikitro nify tamin' ny haromotana sy fangirifiriana tampony indrindra ; ireo devoly mampahory amin' izany miaraka amin' ny fifofofofoan' ny helo, mitohy mampidina amin' izy ireo ranon' afo sy solifara. Ireo kosa, mandritra izany fotoana izany, manozonozona an' Andriamanitra, mbamin' ireo izay teo akaikin' izy ireo, amin' ny fïtenenan-dratsy natao tamin' ny fomba mahatsiravina indrindra.

Tsy tantiko ny tsy hanontany ny iray tamin' ny devoly izay nampahory azy ireo toy izany hoe : iza moa ireo izay nataony tamin' ny fahalozàna loatra ireo ? Niteny izy "Ireo, no ireo izay tena mendrika tsara izao. Ireo no mahantra voaozona izay te-ho mpampianatra ny hafa ny làla-mahitsy ho any an-danitra, raha izy ireo kosa anefa fatra-pitia ny helo be loatra ka nankaty. Ireo no irony fanahy izay mpiasan' ny helo ngezalahy fony teny ambonin' ny tany, ary noho izany dia mendrika ny hasiam-pijery manokana aty amin' ny helo.

Mampiasa ny zotom-ponay fatratra indrindra izahay mba hanome ny tsirairay avy amin' izy ireo ny anjara fahoriany lehibe indrindra, nefa ho azonay antoka ny hitandrina azy tsara mba hanome azy ireo izay hahafa-po azy tsara ; satria tsy ny otan' ny tenan' izy ireo ihany no hanadinana azy, fa ny an' ireo izay notarihin' izy ireo ho amin' ny fahaverezana koa, na tamin' ny fampianarany na tamin' ny ohatra ratsy nomeny".

"Koa satria fiasana lehibe ho an' ny helo toy izany izy ireo, araka ny lazainao, dia heveriko fa tokony hanery anao ny fahaiza- mankasitraka mba hanao azy ireo araka ny hatsaram-panahy kely bebe kokoa?" Izany dia namalian' ilay demonia tsy manan-kenatra ahy tamin' ny fomba maniratsira : "Ireo izay manandrana fankasitrahana avy amin' ny devoly dia hahita ny tenany fa diso hevitra. Ny fahaiza- mankasitraka dia toetra tsara, nefa halanay ny toetra tsara rehetra ary anehoanay fandrafiana mandrakizay. Etsy andaniny, halanay ny taranak' olombelona rehetra, ary raha nanananay fahefana dia tsy ho nisy na dia iray akory tamin' izy ireo aza sambatra. Marina fa tsy ambaranay azy ireo izany raha mbola eny ambonin' ny tany, satria eny, dia raharahanay ny handoka sy hamitaka azy ireo. Fa rehefa azonay aty izy ka tsara orina (SATRIA TSY MISY FANAVOTANA AVY ATY AMIN' NY HELO INTSONY) dia ampiekenay azy ireo vetivety ny fahadalana tamin' ny ninoany anay". Tamin' izany fitenenana izay norenesiko avy tamin' io devoly io izany sy ireo hafa koa, dia tsy nisy azoko natao afa-tsy ny nieritreritra fa fahasoavana tsy misy fetra ary tsy azo tononina ny ahatongavan' ny mpanota mahantra any an-danitra, raha jerena ireo fandrika sy jono be dia be izay avelatr' ilay fahavalon' ny fanahy mba hamandrihana azy ireny eny an-dàlana ; ary noho izany dia asa feno fahamendrehan' Ilay Zanak' Andriamanitra ny mamonjy ny olona ho afaka amin' ny fahotany, sy ny hanafaka azy ireo amin ny fahatezerana ho avy. Nefa kosa dia hadalana be tsy tambo isaina sy fahaverezan-tsaina ho an' ny olona ny manda ny tolotry ny Fahasoavany, ka miaraka akaiky amin' ny mpanimba.

Nitohy lavidavitra kely izahay, dia nandre mahantra iray aho, izay nitaraindraina tamin' ny feo nahavaky fo, momba ireo olona izay namadika azy ho aty. "Nambaran' ireo izay nianteherako sy noheveriko fa afa-nampahalala ahy ny marina, hoy izy, fa raha hiteny fotsiny aho hoe : Tompo ô, mamindrà fo amiko" rehefa ho tonga ny hahafatesako, dia ho ampy hahavonjy ahy izany. Nefa indrisy, hitako amin' ny fanantràna izao fa voafitaka aho, ho fahoriako mandrakizay ! Indrisy ! Niantso famindrampo aho teo amin' ny farafara nahafatesako, nefa tara loatra. Ity devoly voaozona ity izay nilaza tamiko talohan' izany fa tsy ho tra-doza aho, no niteny tamiko indray avy eo fa tara loatra izany, ary ny helo no ho anjarako". "Hitanao fa raha dinihina dia marina izay nolazaiko taminao, hoy ilay devoly, fa ianao no tsy te-hino ahy. Tena raharaha tsara loatra, eh, sa tsy izany hoy ianao ? Nandany ny andronao amin' ny fanarahana ny ota ianao, ary nihosina amin' ny fahalotoanao, dia handeha ho any an-danitra ve ianao rehefa maty ? Tsy ny olona very saina ihany ve no hihevitra izany ho mety ? Tsia, **izay mikasa matotra tsara no ho any an-danitra rehefa maty, dia tokony handeha amin' ny làlan' ny fahamasinana sy ny fahatsaran-toetra amin' ny androm-pahavelomany**. Milaza ianao fa ny sasany tamin' ireo namana nitokisanao dia niteny taminao fa ny fanaovanao fotsiny hoe : 'Tompo ô, mamindrà fo amiko" raha tonga ny hahafatesanao, dia ho ampy. Fialan-tsiny maivan-doatra ! Azonao nofantarina, raha mba nahavàky ny Baiboly ho fanalana hamohamo ahay ianao, fa "Izay tsy manam- pahamasinana dia tsy misy hahita ny Tompo na dia iray aza'. Noho izany, dia izany ary no tontalin-javatra. Te-hiaina an-tsitrapo tao anatin' ny fahotanao ianao araka izay azonao natao, tsy nandao izany ianao nony farany satria tsy tia izany intsony, fa satria tsy afa-nanaraka izany naharitra kokoa. Ary fantatrao fa marina izany. Ary dia tsy mba manan-kenatra akory ve ianao hieritreritra ny handeha ho any an-danitra miaraka amin' ny fitiavana ota ao anatin' ny fonao ? Tsia, tsia, tsy izy izany. Efa nampi-tandremana matetika sy ampy tsara ianao fa tokony hitandrina mba tsy ho voafitaka, fa Andriamanitra dia tsy ho azo vazivazina, fa araka izay nafafinao no hojinjainao. Koa dia tsy manana antony tokony harnpitaraina anao ianao afa-tsy ny hadalan' ny tenanao ihany, izay hitanao aty izao fa tara loatra".

"Izany fandatsàn' io devoly io izany dia tena mandidy tokoa ilay mahantra ampahoriana mahonena", hoy ilay mpitondra ahy, ary mirakitra ny zava-manjo ireo marobe eny ambonin ny tany, sy ireo aty amin' ny helo koa. Nefa, eh, fahasamihafana lavitra manao ahoana no tsapan' izy ireo raha mitsara ity toerana mahonena ity ka mampitaha izany tamin' ny teny an-tany ?". "Ny anton' izany, namaly ihany ilay anjely mpiambina ahy, dia satria tsy mamela ny tenany hihevitra izay mety ho vokatry ny ota izy ireo, na ny

maharatsy izany, raha mbola eny ambonin' ny tany. Izany tsi- fiheverana izany no mahatonga ny fahasimbàn' olona an' arivony maro loatra, izay tsy mihevitra ny zavatra ataony, na izay toerana alehany mandrapahatongan' izany ho tara loatra ka tsy misy fanampiana.

TSY MPINO NY FISIAN' ANDRIAMANITRA IRAY TANY AMIN' NY HELO

Tsy dia mbola nandeha lavitra be loatra izahay no nandre iray hafa izay nampahory tena sy nampitombo ny fijalian' ny tenany tamin' ny fteritreretana ny fahasambaran' ireo voatahy. Voarebireby tsy nahahaino ela intsony izany fiheveran-tena manindron' io zavaboahary very mahantra io izany izahay tamin' ny fahitana demonia mpampahory maro dia maro tsy nitsaha-nikapoka andiam-panahy mahantra maro tamin' ny karavasy mifanolana vita tamin' ny vy acier nirehitra aoka izany, iretsy amin' izany ninaonaona tamin' ny fikiaka maranitra loatra sady nahonena indrindra ka noheveriko fa afaka hampiempo ny fahalozàna tenany ho tonga fïtserana, ka nahatonga ahy hiteny tamin' ny iray tamin' ireo mpampahory hoe : "Eh, atsaharo ny tànanao, ary aza dia maneho halozàna toy izao amin' ireo zavaboahary namanareo, izay angamba ny tenanareo ihany no namitaka azy ho amin' izao fijaliana rehetra izao". Tsia, hoy ny navalin' ilay mpampahory tamin' ny feo nalefaka dia nalefaka, na dia ratsy aza izahay dia tsy mbola nisy devoly ratsy tahaka ireto na oviana na oviana, na koa meloka tamin' ny famonoana olona loatra tahaka azy. Satria izahay rehetra dia mahafantatra fa misy Andriamanitra, na dia halanay aza Izy ! Fa ireto kosa dia tahaka ny tsy ho tonga na oviana na oviana amin' ny fiaikena (mandra-pahatongany taty) fa misy izany Fisiana Iray izany".

"Irony izany, hoy aho, dia tsy mpino ny fisian' Andriamanitra. Tena karazan' olo-mahantra tokoa lahy, izay naniry ny hanimba ahy koa, raha tsy ny Fahasoavana mandrakizay no niaro izany. Tsy mbola nahateny betsaka kokoa aho, raha niantsoantso tamin' ny lantom-peo malahelo sy feno fisaonana ny iray tamin' ireo mahantra nampahoriana : "Marina raha tsy fantatro izany feo izany. Mety ho Epenetus izany". Talanjona aho nandre ny anarako notononin' ny anankiray tamin' ireo fokon' ny helo, ary noho izany, naniry te-hahafantatra azy aho, dia namaly hoe : "Eny, Epenetus aho. Fa mba iza kosa moa ianao izay ato anatin' izao toeram-pahaverezana mampahonena izao no mahafantatra ahy ?" Izao no navalin' ilay olom-bery tsy fantatra hoe : 'Tena nifankahalala taminao tsara aho teny ambonin' ny tany, ary efa saiky naharesy lahatra anao hanaraka ny hevitro. Izaho no mpanoratra ilay boky nalaza sy fantatra tsara loatra tamin' ny lohateny hoe "Leviatana". "Ahoana ! I Hobbs lehibe ve ? hoy aho. Tonga aty ve ianao ? Nanjary niova be loatra ny feonao ka tsy fantatro". "Indrisy, hoy ny navaliny, izaho tokoa izany lehilahy mahantra izany. Nefa lavitra loatra ny fahalehibiazana fa izaho no iray amin' ireo olo-mahantra indrindra ato anatin' ireto faritany feno arina rehetra. Sady tsy misy mahagaga koa raha niova ny feoko ; satria niova aho ankehitriny, hatramin' ny foto-kevitro ; na dia niova tara loatra aza ka tsy afa-manisy soa ahy. Fa ankehitriny dia fantatro aty izao fa misy Andriamanitra. Nefa, eh, mirary aho ny tsy ho nisiany mihitsy, satria azoko antoka fa tsy hamindra fo amiko Izy, sady tsy misy antony tokony hanaovany izany. Tena miaiky aho fa fahavalony teny an-tany, nefa izao dia Izy no fahavaloko aty amin' ny helo. Izato faha-tokiana mahantra nananako tao anatin' ny fahendreko no namitaka ahy tamin' izany". "Mahonena ny manjo anao, nefa tokony hiàiky ianao fa miaritra ara- drariny. Satria akory izato hakinganao raha nandresy lahatra ny hafa, ary nitarika azy ireo tamin' izany hiara-meloka aminao. Tsy misy manana antony hahalala bebe kokoa noho izaho, izay saika tratran’ny velam-pandrika sy ho very mandrakizay". "Izany indrindra, hoy izy, no manindrona ahy hatrany amin' ny foko, dia ny fïheverana fa maro loatra no very amin' ny alalako.

Natahotra aho raha nandre voalohany ny feonao, ndrao notendrena ho amin' ny famaizana toy izany koa ianao. Tsy hoe ho afa-mirary n' iza n' iza ho sambatra aho, satria fahoriana ho ahy ny misaintsaina ny hafa ho toy izany nefa izaho mahantra ; saingy ny antony dia satria maha-avy roa heny ny fanaintainako aty amin ny helo ny isam-panahy izay tonga aty noho ny famitahako raha mbola teny ambonin' ny tany aho". "Fa mba lazao amiko, fa maniry mafy ny hampahalalàna aho ary afa- manao izany ianao. Tena nino marina ve ianao teny ambonin' ny tany fa tsy nisy marina Andriamanitra ? Dia afaka hamoron-kevitra ve ianao fa afa-

miforona ho azy izao tontolo izao ? Ary ny zava-boahary ihany no iavian' ny fitomboan' ny tenany ? Tsy mba nanana bitsika miafina tao anatin' ny fanahinao ve ianao izay nilaza taminao fa nisy Hafa Izay nanao anao fa tsy ny tenanao ihany ? Ary tsy mba nisy fisalasalana mihitsy ny amin' izany zavatra izany ve ianao ? Izaho mantsy nandre matetika ny amin' izany, fa na dia maro aza ireo maneho fa tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy na iray aminy aza tena misaina izany ; ary ho nahagaga raha mba nisy, satria tsy misy na dia iray aza tsy manana vavolombelona ao anatin' ny tratrany, ny amin' Izato Andriamanitra izay laviny.

Ankehitriny dia afa-milaza ianao na izany no izy na tsia, satria tsy manana antony tokony hanafenanao ny fihetsem-ponao ianao ankehitriny". "No sady tsy nanao izany aho, ry Epenetus, hoy ny navaliny. Na dia manindrona ahy indray aza ny fisainana izany, dia tena nino tokoa aho tamin' ny fiandohana fa misy Andriamanitra, saingy rehefa lavo tamin' ny làlan-dratsy aho taty aorian' izany, izay nahatonga ahy hiharihary teo anoloan' ny fahatezerany, dia nanam-pirariana miafina aho mba tsy ho nisy Izy. Satria tsy azo atao ny hihevitra fa misy Andriamanitra ka tsy hihevitra Azy miaraka amin' izany koa ho marina sy mahitsy, ary vokatr' izany dia voatery hanafay ny mpandika ny lalàny Izy. Ary satria tonga saina ny tenako fa nanohitra ny Fahamarinany, dia nahatonga ahy hankahala Azy izany, sy nirary mba tsy ho nisy mihitsy ny Fisiany toy izany. Nefa mbola nitohy nanaraka ny làlan-dratsy ihany aho, ary rehefa hitako fa tsy nahatratra ahy ny fitsaràny, dia nanomboka NANANTENA aho fa tsy misy Andriamanitra ; ary hatreo amin' ireo fanantenana ireo no nanomboka nirafitra tao an- tratrako ny hevitra nifandrindra tamin' ny zavatra nantenaiko. Ary satria nisy rafi-pisainana vaovao nirafitra tao anatin' ny fisainako momba ny FIANDOHAN' IZAO TQNTOLO IZAO, IZAY MANAISOTRA TANTERAKA NY FISIAN' IZAY ANDRIAMANITRA, dia hitako ho revo dia revo tamin' izany FAHALALANA vaovao izany ny tenako ka farany dia naharesy ny tenako aho hatoky izany, ary rehefa izany dia naniry fatratra ny hamatotra izany finoana izany tamin' ny hafa. NEFA TALOHAN' NY nahatongavako tamin' izany haavo izany, dia miaiky marina aho fa nanana adi-hevitra maro tao anatin' ny fieritreretako ny amin' ny zavatra izay nataoko, ary nandritra izany dia voakorontana ombieny ombieny aho tamin' ny hevitra hafahafa tsy nahazoako aina, tahaka ny tsy hahita fahasalamana aho amin' ny farany ; izany dia niriko fatratra ny hiaisotra tamiko, araka izay azoko natao. Ary ankehitriny dia hitako fa ireo hevitra miady izay tokony ho nanampy ahy tamin' izany, no zavatra nampahory ahy lehibe indrindra aty". Ary tokony hekeko fa ny fitiavana ny ota dia nanamafy ny foko hanohitra ny Mpahary, ary nahatonga ahy hankahala Azy aloha, ary nandà ny Fisiany tanteraka. Ny ota izay nofihiniko mafy tao anatin'ny tratrako, no nataony voaozona nahatonga izao loza rehetra izao; ilay menarana izay nanindrona ny fanahiko ho amin' ny fahafatesana. Fa ankehitriny dia hitako, na eo aza ny Filozofiako izay zava-poana, faMISY ANDRIAMANITRA. Ary hitako koa izao, ankehitriny, fa tsy azo vazivazina Andriamanitra, na dia fanaoko isan' andro teny amin' izao tontolo izao aza ny mamazivazy ny lanitra sy maniratsira izay mety ho zava- masina, ary izany no fomba nampiasaiko ho entiko mamafy ireo hevitro voaozona, ka hitako rnandrakariva fa tena nahomby izany. Satria ireo izay azoko ahay haniratsira ny Tenin' Andriamanitra dia narahiko maso hatrany mba ho eo amin' ny làlana tsara hahatongavany ho mpianatro. Nefa ankehitriny ny fisainana izany dia mampahory ahy kokoa noho ny fangirifiriana rehetra izay zakaiko avy amin' ny karavasy vy mire-hitra".

AFO SY FAHAMAIZINANA

"Te-hametra-panontaniana iray hafa aho. Henoko ianao sy ireo hafa mikiakiaka avy ao anaty vy mirehitra sy afo ary lelafo ; nefa tsy azoko faritana izany. Izay misy afo dia mba tokony hisy ambaratongam-pahazavana ; ary nefa avy amin' izay miseho eo anoloako dia mbola ao anaty aizina tanteraka ianareo". "Eh ! raha mba afa-nilaza ahay aho fa tsy mandre afo ! Ho nalefaka manao ahoana ny fangirifiriako raha mitaha amin' izay ahitako azy ankehitriny ! Saingy indrisy, ny afo izay iaretanay dia mihoatra iray alina avy heny ny afon-dakozia rehetra amin' ny herivaikany ; ary tena hafa karazana tanteraka noho iretsy. Tsy mba misy hazavana akory miaraka aminy, tahaka izay fahita amin' ny afo mirehitra eny ambonin' ny tany. Fa na dia eo aza ny afo rehetra aty amin' ny helo, dia ao anaty aizina tanteraka izahay. Nefa manaraka izany ny afo izay

arehitrareo eny an-tany dia manana toetra mihinana sy mandany, fa na inona na inona azony dia levoniny ho tonga lavenona ; ary rehefa tojo zavatra tsy mety mirehitra izy, dia maty. Fa ny aty tsy mba toy izany. Satria na dia mirehitra amin' ny herivaikany mahatsiravina aza izany, izay tsy misy mahafantatra azy afa-tsy ireo izay mahatsapa izany ihany, dia tsy mba mandevona no sady tsy handevona mandrakizay. Hirehitra mandrakizay izahay nefa tsy ho kila. Afo mampangirifiry izato izy, nefa tsy mandevona. Aty ny afo dia mandramby ny fanahinay ary mandetika azy ao anaty fanaintainana mampangirifiry loatra izay tsy hay tenenina. Ny tsi- fahalalako izany, raha mbola teny an-tany no nahatonga ahy haniratsira ny fiheverana ny amin' ny zavatra tsy voatsapan-tànana nefa azon' ny afo arehitra ; izay hitako aty izao nefa vidiko amin' ny tenako, fa tena marin-doatra izany.

Ary koa ny maha-samihafa ny afo izay mandrehitra anay aty sy izay mirehitra eny ambonin' ny tany, dia azonareo arehitra izany na oviana na oviana itiavanareo izany, ary vonoina koa rehefa irinareo. Fa aty dia hafa : Izato afo izato dia toy ny reniranon-tsolifara ary mirehitra mandrakizay izy. Ary izany no zavatra tokony havaliko ny fanontaniana mahonena napetrakao farany tamiko". "Mahonena tokoa, hoy aho. Jereo izay azon' ny Hery Tsitoha amelezana ireo izay manitsakitsaka ny Lalàny marina. "Mbola 'ndeha hanao fanamarihana misimisy kokoa ny amin' izay efa reko aho, no nampiato ahy tamin' izany ilay demonia lozabe izay nampahory azy ireot eo. "Hitanao tamin' io ary ny karazan' ireo olona ireo teny ambonin' ny tany, ka tsy heverinao ve fa mendrika azy ny famaizana izay zakainy?" Izany dia novaliako : 'Tsy isalasalana fa tambin' ny ota ara-drariny tokoa izao iaretany ankehitriny izao, ary mbola hiaretanareo koa rahatrizay, satria ianareo, tahaka azy ireo koa, dia nanota tamin' Ilay Andriamanitra Finaritra mandrakizay, ary noho ny otanareo dia hiaritra famaliana ara-drariny amin' ny afo mandrakizay. No sady tsy fara-fahakelin' ny fialan-tsiny koa izany, hilazanao fa tsy nisalasala na oviana na oviana ny amin' ny fisian' Andriamanitra ianao, fa na dia fantatrao aza fa misy Andriamanitra, dia mbola niodina Taminy ianao, ary noho izany dia hosaziana ara-drariny amin' ny fahasimbana mandrakizay avy eo anatrehan' ny Tompo sy avy amin' ny voninahitry ny Heriny." Novalian' ilay demonia izany, "Marina fa fantatray fa hosaziana araka izay nolazainao izahay. Nefa raha rariny sy tokony hanehoana fangorahana ny taranak' olombelona, satria lavo tamin ny fa- kampanahin' ny devoly izy ireo, dia zava-mitovy ihany koa izany, ny amiko sy ny sisa amin' ireo fanahy ambany karazana, satria izahay dia voan' ny fakampanahin' ilay Zanaky ny Maraina Mamirapiratra mba hiray anjara aminy. Ary noho izany, na dia manalehibe ny helok' i Losifera aza izany, dia mba ho nampihena kosa ny an' ireo fanahy ambany karazana'.

Tamin' izany ilay mpitondra ahy mamirapiratra, izay tsy mbola niresaka tamin' izy ireo hatramin' ny nahatongavako tany, dia namaly izany tamin' ny endrika vinitra dia vinitra : "Ry fanahy mpandainga, ratsy fanahy, mpihemotra ! Afaka manizingizina ireo zavatra ireo ve ianao ary mbola mahita ahy aty ? Tsy fantatrao ve fa ny fonao miavonavona no nahatonga anao hiray anjara tamin' i Losifera hanohitra Ilay Andriamanitra Finaritra Izay nahary anao ho zavaboahary feno voninahitra ? Saingy nirehareha ianao noho ny fahatsaran-tarehinao ka te-hihoatra Ilay Mpahary anao Finaritra, ary dia nivonona ny hiray anjara tamin' i Losifera, ka nazera ara-drariny niaraka taminy ho aty amin' ny helo ; ary ny hasoa sy ny hatsaran-tarehinao fahiny dia niova ho izato endri-biby mahatahotra izay isehoanao ankehitriny, ho famaizana ara-drariny ny avonavonao feno fiodinana". Izao ihany no navalin' ilay fanahy mpihemotra izany : "Nahoana ianao no manitsakitsaka ny faritaninay toy izao, ary mankaty hampahory anay alohan' ny fotoanay ?" Ary rehefa nilaza izany izy, dia nanao tari-dositra, tahaka izay tsy nahajanona mba hanan-kavaly intsony. "Voamariko, hoy aho, fa izy rehetra dia samy mitaraina indrindra noho ny fangirifiriana ateraky ny fahamelohan' ny fieritreretany, izay manamarina ny maha-ara-drariny ilay famaizana.

Ity trano- maizina manjombona ity dia fitaratra tsara indrindra hitazanana ny ota amin' ny tena sorany tandrifiny indrindra ; satria raha tsy nisy haratsiany faran' izay lehibe indrindra tamin' ny ota, dia tsy ho novaliana amin' ny famaizana fara-tampony toy izao izany". 'Tena ara-dalàna ny fandravonan-kevitrao. Nefa mbola misy fitaratra tsara kokoa noho izany hahitana ny sazy ara-drariny avy tamin' ny ota, ary izany dia ny fibanjinana ahafaha-mitazana Ilay Zanak' Andriamanitra finaritra eo amin' ny hazofijaliana. Eo isika dia mahazo mahita ny vokatra raisin' ny fahotana, satria ny fanaintainana rehetran' ireo voaozona aty dia tsy

inona fa mbola ny fanaintainan' ny voahary ihany ; fa eo amin' ny hazofijaliana kosa no ahitanao Andriamanitra iray manaintaina". "Azo antoka tokoa, hoy aho, fa tsy mbola nandresy sy nifanoroka mihitsy tahaka ny tamin' izany ora lehibe izany ny fahamarinana sy ny famindrampo, satria teto ny fahamarinana dia nomena fahafaham-po feno tamin' ny famaizana ara-drariny ny ota ; ary ny famindrampo kosa nandresy sy niravo, satria teo ny famonjena ny mpanota mahantra no azo. Ary endrey, dera mandrakizay ho an' ny Anarany masina mandrakizay mandrakizay, noho ny nanaovan' ny fahasoavany ahy hanaiky an- tsitrapo ny Famonjena, ary noho izany dia tonga mpandova ny voninahitra, satria tsaroako fa ny sasany amin' ireo very mahantra, tao amin' ny fitomaniany mangidy indrindra dia nampirisika fa raha mbola natolotra azy ny famonjena, dia nandà izany izy ireo. Noho izany dia ny fahasoavana irery ihany no nanampy ahy hanaiky izany".

Teo dia niteny tamiko ilay mpiambina ahy nanjelanjelatra fa tokony hitondra ahy ho eny amin' ny tany amin' izay izy izao, ka hamela ahy eny mba hiandry amin' ny finoana sy ny faharetana ambara-piavin' ny fanovana feno fahasambarana izay nandrandraiko. "Avia ary, hoy izy, 'ndeha hilaozantsika ireto sehatra feno loza sy horohoro ireto ho fananan' ny mponina maintiny". Ary tao anatin' ny elanelam-potoana tena kely, dia hitako ny tenako tety ambonin' ny tany, ary teo amin' ilay toerana indrindra izay nikasàko hanatanterahana ny ota maizin' ny famonoan-tenako, satria resin' ny fitaoman-dratsin' ny devoly izay nandresy lahatra ahy fa tsy misy Andriamanitra. Fa ny fomba nahatongavako tety, dia tsy azoko fantarina velively. Raha vao teo akaikin' ilay andrin-tany izay nitoerako talohan' izao aho, ilay endrika feno hazavana izay nitondra ahy ombieniombieny dia nanao tamiko hoe : "Ankehitriny, ry Epenetus, dia fantatrao izay misy anao, ary izaho dia tsy afa- mijanona haharitra ela kokoa miaraka aminao izao. Manana fanompoana hafa izay hatrehiko aho. Derao Ilay mipetraka eo ambonin' ny sezafian-drianana mandrakizay, Izay manana ny fahefana rehetra any an-dani-tra, ety an-tany, ary any amin' ny helo, noho ireo zava- mahagaga rehetra an' ny fitiavany sy ny fahasoavany, izay nasehony anao tamin' ny fotoana fohy toy izany". Raha 'ndeha hamaly azy aho, dia nanjavona ilay mpitondra ahy feno fahazavana ka dia nilaozana ho irery aho.

Ary rehefa avy nisain- tsaina naharitraritra ireo fahitana mahatalanjona hitako aho, sy ireo zava-mahagaga izay reko, dia saika tsy hino aho fa tety an-tany indray, no sady tsy fantatro ny elanelam-potoana tsy naha-teo ahy. Nandohalika aho ary nivavaka mba tsy hahavery tadidy na dia iray ihany aza amin' ireo zava-mahatalanjona izay naseho tamiko, ary nony avy eo dia nitsangana indray aho, nisaotra sy nidera an' Andriamanitra noho ny fahatsaràny rehetra. Rehefa tafaverina tany an-tranoko aho, dia variana be ny fianakaviako raha nahita ny toetr' endriko niova hafahafa ary nandinika ahy tahaka ny tsy hahafantatra ahy izy ireo. Nanontaniako azy ireo ny anton' ny fahatalanjonany tsy arâka ny fahita. Namaly izy ireo fa ny fïovàna teo amin' ny tarehiko no nahatonga izany. "Amin' ny lafiny manao ahoana, hoy aho, no dia niovàko toy izany ?" Nilaza tamiko izy ireo : "Omaly dia nanjombona izay tsy izy no fijery anao, ary sanatria dia toy ny endriky ny famoizam-po tanteraka ianao , fa izao kosa ny salovan-tavanao dia miseho lehibe lavitra kokoa amin' ny fahatsaran-tarehy ary mitondra ny mariky ny hafaliana feno sy ny fahafaham-po rehetra eny aminy.

"Raha mba hitanareo mantsy, hoy aho, ny zavatra hitako androany, dia tsy ho nahagaga anareo ny FÏOVANA izay hitanareo". Rehefa izany, dia niditra tao amin' ny efitranoko aho, nandray penina sy ranomainty, ary nanoratra izay zavatra reko sy hitako, nilaza ny fahitana rehetra hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany. Ka ny hany fanantenako dia ny mba hananan' izany, amin' ireo izay mamaky azy, fiantraikàna mitovy amin' ny fiantraikany amiko teo am-panoratana azy.

TENIN'NY MPAMOAKA NY LAHATSORATRA

RAHA MBA AFAKA NAHITA NY HELO IANAO, dia tsy ho nanahirana mpitoriteny ny handresy lahatra anao handao ny otanao REHETRA. Hoy Jesosy : "Inona no soa azon' ny olona iray, raha manazo an' IZAO TONTOLO IZAO MANONTOLO izy, nefa ho very ny FANAHINY ?" Mar. 8 : 36. Raha azonao ety amin' izao tontolo izao avokoa ny zavatra rehetra, nefa ianao kosa maty ka nankany amin'ny HELO

MANDRITRA NY MANDRAKIZAY MANONTOLO, "Any ny kankana tsy maty, ary ny afo tsy azo vonoina, ary hataon' ny nofo rehetra ho fahavetavetana mandrakizay ianao" Isa. 66:24.

Inty misy lisitr' ireo izay tsy mahazo mankany an-danitra velively raha tsy mibebaka izy, ka miala amin' ny fahotany... fa handany ny MANDRAKIZAY ao anaty helo afo sy solifara ary fijaliana mandrakizay, any amin' izay tsy misy rano.

AO ANATY LISITRA VE IANAO?

Ny mpandainga REHETRA, ireo izay miasa lainga ary ireo rehetra izay tia lainga, mpanao vetaveta, mpijangajanga, mpimamo, sarim-bavy (lehilahy izay mihetsika sy mitafy toy ny vehivavy), mpanao ody ratsy, mpamosavy, mpivarotena, maloto saina, mpanompo sampy, mpamono olona, ny fijejojejoana - olona izay milalao ny famindrampon' Andriamanitra... nisafidy hanota izy ireo tamin' ny fieritreretana fa any aoriana any dia hiantso an' i Jesosy hamela azy na dia tsy hilaozany aza ny otany, na ny olona mpierina, mpanao hevi-diso (fampianaran' ny devoly izay manda ny RAN' I JESOSY ho hany famonjena antsika, na koa manolana ny Soratra Masina mba hamelana malàlaka ny ota sy ny fihatsarambelatsihy). Vakio Apo. 21 : 8, 27 sy 22 :14-19 ; Gai. 5 :19-21 ; Efe. 5 : 3-8 ; Kol. 3 : 5-6 ; Rom. 1 : 18-32 ; I Jao. 3 : 15 ; Apo. 1 sy 2 ; Lio. 16 : 19-31 ; Mal 25 : mpanompo tsy mahasoa, kanosa ary tsy mino. Na ny mpangalatra, ny mpanaratsy, na ny mpanao an-keriny dia samy tsy handova ny Fanjakan' Andriamanitra". I Kor. 6: 10. MIBEBAHA ka minoa ny FILAZANTSARA. "Fa fahafate-sana no tambin' ny OTA, fa ny FANOMEZANA avy AMIN' ANDRIAMANITRA kosa dia FIAINANA MANDRAKIZAY amin'ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika". Rom. 6 : 23.